

Voavonjy amin'ny alalan'ny asa sa amin'ny alalan'ny finoana ?

G. Blay



Bibles et Publications Chrétienues

30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Fizahan-takila >

ISBN : 978-2-87907-357-6
Sauvé par les oeuvres ou par la foi?

Voavonjy amin'ny alalan'ny asa sa amin'ny alalan'ny finoana?	5
I Paoly sa i Jakoba?	7
I Abrahama sy i Rahaba	8
Milaza sa manaporofa?	11
Ny fanamarinana : endrika dimy isehoany	14
1. <i>Fanamarinan'Andriamanitra</i>	14
2. <i>Fanamarinana amin'ny alalan'ny fahasoavana</i>	14
3. <i>Fanamarinana amin'ny alalan'ny rà</i>	15
4. <i>Fanamarinana amin'ny alalan'ny finoana</i>	15
5. <i>Fanamarinana amin'ny alalan'ny asa</i>	15
Eo imason'Andriamanitra sa eo imason'olombelona?	16
Fehiny	18

VOAVONJY AMIN'NY ALALAN'NY ASA SA AMIN'NY ALALAN'NY FINOANA?

« Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanany lahitokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay ».

Izany no teny nataon'i Jesoa Kristy Tompo, voalaza ao amin'ny Jaona toko faha-3 andininy faha-16.

Voavonjy tsy hiharan'ilay fahafatesana mandrakizay ireo rehetra mino ny Zanak'Andriamanitra. Izany ihany koa no mbola hamafisin'ny episitily voalohany nosoratan'i Jaona, toko faha-5 andininy faha-13 : *«... izay mino ny Zanak'Andriamanitra... manana fiainana mandrakizay ianareo ».*

Mitady izay hanakorontanana ny mpino ny devoly, i Satana, ilay fahavalon'Andriamanitra sy ny olombelona. Ny fampielezana an'ireo fampianaran-diso hanerana izao tontolo izao, no fomba fiadiny amin'izany. Ataony antso avo fa amin'ny alalan'ny asa, fa tsy ny finoana akory, no hahazoam-pamonjena.

Zava-dehibe tokoa, araka izany, ny hananti-tranterana fa amin'ny alalan'ny finoana, fa tsy ny asa, no hahazoana ny famonjen'Andriamanitra.

Izany no ambaran'ny Soratra Masina, izay hany tokana milaza ny marina. Izany koa no ambaran'ny apôstôly Paoly mazava tsara ao amin'ny episitily nosoratany ho an'ny Romana toko faha-3 andininy faha-28: « *Finoana no anamarinana ny olona fa tsy ny asan'ny lalàna* ».

Mahasarika ny olona kokoa ny hirona amin'ilay fampianarana manitrikitrika fa amin'ny alalan'ny asa no hahazoam-pamonjena. Afaka ny hieboebo mantsy izy amin'izay fotoana izay. Afaka ny hihevitra ho mahavonjy tena izy, amin-javatra sasantsasany fara faharatsiny. Mampietry voninahitra an'ireo te hahazo izany famonjena izany amin'ny alalan'ny ezaka ataon'ny tenany, fa tsy mihevitra ny hahazo izany maimaimpoana, ny handray azy io ho toy ny fanomezana avy amin'Andriamanitra. Izany no mahatonga ireo olona marobe tsy mety handray ny famonjena lavorary sy tanteraka vitan'i Jesoa teo amin'ny hazofijalian'i Kalvary. Famonjena izay omen'Andriamanitra maimaimpoana ho an'ireo rehetra mino Azy.

Mba hanamarinana ny fampianaran-diso mikasika ny fahazoam-pamonjena amin'ny alalan'ny asa dia raisina ny andininy sasantsasany avy ao amin'ny Soratra Masina ka ampifanoherina, indrindra fa ny episitily nosoratan'i Paoly sy ny an'i Jakoba. Toy ny hoe

nifanipaka iny ery ny zavatra nampanoratin'ny Fanahy Masina, izay nitarika ny penina nanoratan'ireo mpanompon'Andriamanitra anankiroa ireo!

I Paoly sa i Jakoba?

Ndeha hataontsika mira zotra eto :

ny teny nambaran'i Paoly tao amin'ny Romana toko faha-3 andininy faha-28, izay efa noraisintsika tetsy aloha :

« Koa amin'izany dia ataontsika fa finoana no anamarinana ny olona fa tsy ny asan'ny lalàna ».

sy izay nolazain'i Jakoba ao amin'ny episitily nosoratany, toko faha-2 andininy faha-24 :

« Koa dia hitanareo fa hamarinina amin'ny asa ny olona fa tsy amin'ny finoana ihany ».

Milaza ihany koa ny apôstôly Paoly ao amin'ny episitily ho an'ny Efesiana toko faha-2 andininy faha-8 sy faha-9 manao hoe : *« Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana, ary tsy avy aminareo izany fa fanomezana avy amin' Andriamanitra ; tsy avy amin'ny asa fandrao hisy hirehareha ».*

Moa misy fifanoherana ve eo amin'ireo mpanoratra anankiroa samy nampanoratin'Andriamanitra ireo? Sanatria dia sanatria! Tsy milaza mihitsy i Jakoba hoe tsy amin'ny alalan'ny finoana no hahazoam-pamonjena. Ambarany kosa fa tsy hamarinina amin'ny finoana ihany ny olona.

Mariho fa tohanan'i Jakoba io tsangan-keviny io eo amin'ny and. 23, ary ny teny izay nampiasain'i Paoly tao amin'ny episitily ho an'ny Romana toko faha-4 andininy faha-3 ihany no noraisiny koa. Teny nalaina tany amin'ny bokin'ny Genesisy toko faha-15 andininy faha-6 io: «*Ary nino an'i Jehovah izy (Abrahama), ka nisaina ho fahamarinany izany*».

Notondroin'i Paoly tamin'ny hoe «*asan'ny lalàna*» kosa ny azy, ao amin'ny Romana toko faha-3 andininy faha-20 sy faha-28, rehefa niresaka ny amin'ny asa, izay nampifanoheriny tamin'ny finoana, izy.

I Abrahama sy i Rahaba

Tsy miresaka ny amin'ny asan'ny lalàna i Jakoba. Sarotra rahateo ny hampiasa an'io fitenenana io raha hitanisa ny ohatra ny amin'i Abrahama sy i Rahaba izy. Karazana fandikana ihany ny lalàna manao hoe: «*Aza mamono olona*», mantsy io

zavatra nataon'i Abrahama io, araka ny fiheveran'i Jakoba. Nentin'i Abrahama hovonoina teo ambonin'ny alitara ny zanany!

Inona àry izany no azo amaritana ny toetoetr'izany asa izany? Raha tsy maintsy hofaritana izy io, kanefa tsy ho azo antsoina amin'ny hoe «*asan'ny lalàna*», dia azo tondroina kosa amin'ny hoe «*asan'ny finoana*», izay mifanohitra tanteraka amin'iry voalohany. Asa vokatry ny fahatokiana io, dia fahatokiana an'llay sady niteny hoe «*Aza mamono olona*», no nilaza ihany koa ny hanaterany ny zanany ho fanatitra. Fahatokiana tanteraka an'llay Andriamanitra nanome fampanantenana azy, mikasika indrindra an'io zanany lahy io. Fahatokiana an'llay Andriamanitra nantenainy fa afaka ny hanangana indray an'io zanany io amin'ny maty, araka ny hitantsika ao amin'ny episitily ho an'ny Hebreo toko faha-11 andininy faha-19.

Azo lazaina tsotra izao ho heloka tsy azo ivalozana eo anatrehan'ny lalàna io zavatra nataon'i Abrahama io, raha tsy asan'ny finoana. Tahaka izany koa ny amin-dRahaba. Heloka io asa nataony teto io, famadihan-tanindrazana mahatsiravina. Fanamelohana ho faty no sazy sahaza azy, raha ny tokony ho izy, araka ny lalàn'ny firenena rehetra.

Saingy, ivelan'izay rehetra mety ho fisainan'olombelona, dia vakintsika ao amin'ny Soratra Masina, ao amin'ny Hebreo toko faha-11, izay efa noraisintsika tetsy aloha, fa: voalohany, eo amin'ny andininy faha-17: « *Finoana no nanateran'i Abrahama an'i Isaka... ny zanany lahitokana* »; faharoa, eo amin'ny andininy faha-31: « *Finoana no tsy nahafaty an-dRahaba... niaraka tamin'ny tsy nino satria nandray ny mpisafotany tamin'ny fihavanana izy* ».

Finoana no nanosika azy ireo hihetsika, na i Abrahama izany na i Rahaba, ary izany no iantsoana ny fihetsika nataon'izy ireo ho asan'ny finoana.

Tsy iadian-kevitra intsony izany fa asan'ny finoana, fa tsy asan'ny lalàna akory, ireo ohatra noraisin'i Jakoba ho fanohanana ny tsangan-kevitra narosony. Tsy misy ifandraisany amin'ny didy folo voarakitry ny lalàna izany, ny lalàna izay ikirizan'ny olona fatratra hotanterahina satria izany no iandrindrany famonjena.

Averina indray fa tsy azo vidina ny famonjena no sady tsy azo avy amin'ny fahamendrehana. Fanomezana avy amin'Andriamanitra izany. Milaza izany tsy amim-pihambahambana koa ireo zanakalahin'i Kora ao amin'ny Salamo 49 andininy faha-7 sy faha-8 :

« Tsy misy mahavotra ny rahalahiny akory na mahazo manome an'Andriamanitra izay avony. Fa sarotra avotra ny ainy ka tsy azo atao mandrakizay».

Fanambaràna mitondra fahakiviana tanteraka io raha tsy nanampy teo ny andininy faha-15 izay manao hoe: *« Fa Andriamanitra kosa hamonjy ny aiko amin'ny herin'ny fiainan-tsy hita »* (izany hoe ny fahafatesana). Izay tsy hain'olombelona atao dia vitan'Andriamanitra!

Milaza sa manaporofa?

Inona àry izany no tanjon'ireo asa notononin'i Jakoba ao amin'ny episitiliny?

Tsy inona fa ny hanaporofaana ny fisian'ny finoana (raha toa tena ao marina izy): porofon'ny finoana avokoa ireo asa ireo.

Ndeha hiverenantsika ny zavatra noresahina tany amin'ny toko faharoan'ny episitily nosoratan'i Jakoba andininy faha-14: *« Inona no soa azo... raha misy milaza ho manam-pinoana izy kanefa tsy manana asa? »*

Tsy misy soa azo amin'ny filazana hoe: manam-pinoana aho! Tsy ampy ny filazana izany fotsiny fa mila porofoina: aseho amin'ny asa ny fananana finoana.

Ndeha hataontsika hoe tsy mahalala izay lohany sy vodiny amin'ny resaka mozika aho, kanefa nilaza fa tena kalazalahy amin'ny fitendrena angorodao. Tsy maintsy hitsapa ny fahaizako ireo olona nilazako izany ka hilaza hoe: hino ny teninao ihany izahay, kanefa anehoy santionany kely aloha; tianay ho re ny filalaonao mba haharesy lahatra anay tanteraka!

Ny fanehoana azy an'asa ihany izany no fomba tokana azo anaporofaona ny tena fananana finoana marina tokoa. Ary izany indrindra no tsindrin'i Jakoba fatratra. Ny asa no mamaritra ny toetoetry ny finoana.

Noho izany, tsy misy soa azo mihitsy amin'ny filazana fotsiny hoe «*manana finoana aho*». Raha tena ao marina ny finoana dia tsy maintsy miseho izy, tsy maintsy ho hita. Amin'ny fomba ahoana anefa no hisehoany raha tsy amin'ny alalan'ny asa, dia ny asan'ny finoana izay porofon'ny finoana rahateo?

Mandray ohatra ny rahalahy, na ny anabavy, tsy manan-kanin-kohanina i Jakoba eo amin'ny andininy faha-15 sy faha-16 amin'ny toko faha-2, mba hanohanany ihany ny tsangan-keviny. Napetrany ity fanontaniana ity: «... *ka misy manao aminy hoe: Mandehana amin'ny fiadanana, mamindroa, mivokisa, kanefa tsy omenareo azy tsinona izay tandrify ho an'ny*

tenany, inona moa no soa azo amin'izany?». Finoana maty izany, hoy izy eo amin'ny andininy faha-17, finoana amin'ny teny fotsiny ihany.

Araho tsara anie ny fomba nanazavan'ny apôstôly azy e: hoy izy eo amin'ny andininy faha 18: «*lanao manam-pinoana fa izaho manana asa*». Tsy nilaza izy, raha nanohy izany, nanao hoe: asehoy amiko tsy amin'ny asa ny finoanao, ary izaho kosa haneho aminao ny asako tsy amin'ny finoana. Tsia! Fa hoy izy: «*Asehoy amiko tsy amin'ny asa ny finoanao*» (izay zavatra tsy hitranga mihitsy), ary izaho kosa haneho aminao, tsy ny asako, fa ny «*FINOAKO amin'ny asako*». Mazava tsara izany fa aseho ho toy ny fanaporofaana ny finoana ireo asa.

Manampy indray izy eo amin'ny andininy faha-19 manao hoe: «*lanao mino fa iray ihany no Andriamanitra, koa tsara izany ataonao izany*». Kanefa mba manana izany finoana izany koa ireo demony: fantatr'izy ireo fa misy tokoa Andriamanitra, hany ka mangovitra izy. Tsy mba ilay finoana mahavonjy no hitantsika eo. Tsy ilay finoana manamarina, izay iombonan'i Paoly sy i Jakoba hevitra ho marina. Miray hevitra izy mirahalaha ireo amin'izany, fa tsy mifanipa-kevitra akory, sanatria.

Ny fanamarinana: Endrika dimy isehoany

Ho famaranana izao famelabelarana izao dia ndeha hojerentsika ao amin'ny Soratra Masina ny nanehoan'i Paoly sy i Jakoba ny amin'ny atao hoe fanamarinana. Endrika dimy samy hafa no isehoan'izany, kanefa mamoaaka zavatra iray ihany. Mifanaraka sy mifameno izy ireo, fa tsy mifanipaka velively.

1. Fanamarinan'Andriamanitra.

Episitily ho an'ny Romana toko faha-8 andininy faha-33:

«*Andriamanitra no manamarina*».

Ny loharano ipoiran'ny fanamarinana no resahina eto, izay tsy hafa fa Andriamanitra Izy tenany ihany.

2. Fanamarinana amin'ny alalan'ny fahasoavana.

Episitily ho an'ny Romana toko faha-3 andininy faha-24:

«*Nefa hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavana*».

Eto kosa indray no ilazana ny antony: ny fahasoavana ao amin'Andriamanitra.

3. *Fanamarinana amin'ny alalan'ny rà.*

Episitily ho an'ny Romana toko faha-5 andininy faha-9:

«*Rehefa nohamarinina tamin'ny rany*».

Ny fomba hanatanterahana an'ilay fanamarinana indray no asehon'izany: ny fomba nampiasain'Andriamanitra, ny rà, dia ny rà'n'i Kristy Jesoa.

4. *Fanamarinana amin'ny alalan'ny finoana.*

Episitily ho an'ny Romana toko faha-3 andininy faha-28:

«*Koa amin'izany dia ataontsika fa finoana no anamarinana ny olona*».

Ny fiantraikan'ilay fanamarinana eo amin'ny saina sy ny fo kosa, amin'ny alalan'ny finoana, no ambara eto.

5. *Fanamarinana amin'ny alalan'ny asa.*

Farany, ny episitily nosoratan'i Jakoba toko faha-2 andininy faha-24:

«*Koa dia hitanareo fa hamarinina amin'ny asa ny olona, fa tsy amin'ny finoana ihany*».

Ny fanamarinana jerena amin'ny fanehoana sy ny fanaporifoana azy kosa no eto.

Eo imason'Andriamanitra sa eo imason'olombelona?

Marihina etoana ny fisiana fahasamihafana goavana eo amin'ny finoana izay manamarina ny mpino eo imason'Andriamanitra, izay tsy ilàny fizahana ny voany mba hamantarany ny hazo, sy ny fanamarinana ny mpino eo imason'ny olona. Mitaky ny fahitana ny voany mba hamantarana ny hazo, mifanohitra amin'ny an'Andriamanitra, ity faharoa.

Tsy mety angamba ny hamarana an'ity famelabelarana tsotsotra ity raha tsy handray ny tsoa-kevitra fa nifanara-tsaina tanteraka tamin'i Jakoba mihitsy i Paoly, raha nanantitrantitra ny tokony handehanan'ny mpino amin'ny lalan'ny «*asa tsara*». Nanohitra fatratra ny foto-pampianarana mivoy ny fahazoam-pamonjena amin'ny alalan'ny asa izy. Tsy hoe manao an'ireo asa tsara mba hahazoam-pamonjena, fa manao an'ireo asa tsara satria voavonjy. Asa vokarin'ny fandraisana ny famonjena ireo asa ireo, fa tsy hoe lalana hahazoam-pamonjena akory, sanatria.

Izany no azo amintinana ny fampianaran'i Paoly ato amin'ireto teny hotanisaina manaraka ireto, izay mila fisaintsainana lalina tokoa.

Rehefa nilaza izy hoe: «*Fa fahasoavana no amonjena anareo amin'ny finoana, ary tsy avy aminareo izany fa fanomezana avy amin'*

Andriamanitra; tsy avy amin'ny asa fandrao hisy hirehareha», dia nampiany hoe: « Fa asany isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesoa mba hanao asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo mba handehananantsika eo aminy»¹.

Ao amin'ny episitily nosoratany ho an'i Titosy indray, rehefa nilaza i Paoly hoe: «Fa rehefa niseho ny fahamoram-panahin'Andriamanitra Mpamonjy antsika, sy ny fitiavany ny olona, dia tsy avy tamin'ny asa amin'ny fahamarinana izay nataontsika, fa araka ny famindram-po kosa no namonjeny antsika», dia nampiany hoe: «Mahatoky izany teny izany, ary izany zavatra izany dia tiako hitompoanao mafy, mba hotandreman'izay efa mino an'Andriamanitra ny hanao asa tsara»².

Ao amin'io episitily io ihany, hoy ny apôstôly tamin'i Titosy: «Ka amin'ny zavatra rehetra dia aseho ny tenanao ho fianarana ny asa tsara»³.

Hoy ihany izy, ery ambanimbany: «Jesoa Kristy nanolotra ny tenany hamonjy antsika, mba hanavotany antsika ho afaka amin'ny ota rehetra, sy hanadiovany izay olona ho an'ny tenany, sady ho mazoto indrindra amin'ny asa tsara izany»⁴.

1. Efesiana 2. 8-10 • 2. Titosy 3. 4-8 • 3. Titosy 2. 7 • 4. Titosy 2. 14

Ary ery ambany, mbola milaza indray izy manao hoe: « *Mampahatsiarova azy hanaiky izay manapaka sy manam-pahefana, hanoa tsara, ho vonona ho amin'ny asa tsara rehetra* » ... Ary « *aoka ny antsika koa hianatra hanao asa tsara hahazoany izay ilainy, fandrao tsy hisy vokatra izy* »⁵.

Manome lanja goavana ny asa, dia ny asa tsara, tahaka an'i Jakoba ihany koa izany i Paoly. Miray hevitra tanteraka amin'i Jakoba izy. Nitovy tanteraka ny tadin-dokangan'izy mirahalaha. Ny endrika isehoan'izy ireny tsirairay avy kosa no tsy maintsy apetraka tsara amin'ny toerana tokony hisy azy.

Fehiny

Milaza amintsika ny Tenin'Andriamanitra fa:

- *fanomezana* avy amin'Andriamanitra ny famonjena fa tsy ilana izay asa ataon'ny olona, na inona na inona endrika mety hisehoan'izany;
- *ny asa lavorary efa nataon'ny Tompo Jesoa Kristy teo amin'ny hazofijaliana* no hany tokana hahazoana ny famonjena;

5. Titosy 3. 1, 14

– vokatra nentin’ny fahoriana niaretan’i Jesoa, sy ny fahafatesany ho fisoloam-boina antsika, ny famonjena;

– amin’ny alalan’ny finoana no handraisana ny famonjena, mba haha ampoka ny fiadanan’ny mpino, sy hananany fahasambarana dieny ankehitriny, ary haharitra ho mandrakizay.

Anjaran’ny mpino kosa anefa ny maneho ny finoany amin’ny alalan’ny asa. Ny voany no amantaran’ny olona ny hazo. Ny asan’ny finoana ihany no hany tokana azo anaporifoana ny tena fananana an’izany finoana izany. Ireny no antsoina amin’ny hoe «*asa tsara*», izay tsy inona akory fa voa vokarin’ny finoana.

Aoka isika hanome voninahitra an’Andriamanitra, sy hanome voninahitra ny Zanany. Io Zanany io no manafaka ny mpanota mino Azy amin’ny fahatezerana ho avy, tamin’ny alalan’ny asa nataony. Izy no mampiditra azy ho ao amin’Andriamanitra dieny ankehitriny ka ho mandrakizay.

Ho antsika rehetra mpanota voavonjy noho ny ran’i Kristy anie ireo tombontsoa tsy hita pesipesenina azo avy amin’ny asa lavorary nataony! Ary ho Azy kosa ny voninahitra ankehitriny ary ho mandrakizay mandrakizay!

Imprimé en France par IMÉAF – 26160 La Bégude de Mazenc
Dépôt légal : 4^e trimestre 2007 - N° d'impression 70744